« …*Mitsangàna ka mandehana* ». Vaovao Mahafaly izany ho an'i Jesoa Kristy (Lk 5,23)… Teny filamatra indray ho an'ny CDA ary hery manetsika kosa ho an'ireo mponina amina fokontany sivy (9) anatina faritra iva manodidina an'Andohatapenaka, ikatrohan'ny Conseil de Développement d'Andohatapenaka ankehitriny, 30 taona aty aorian'ny niorenany.

Ny fahitan'i Mompera Jacques Couture, pretra kanadianina tao amin'ny Fikambanan'i Jesoa, ny fahasahiranan'ireo mponina teny an-toerana nandritra na fandalovan'ny rivodoza « Honorine » tamin'ny taona 1982 no nitsirian'ny hevitra hamondrona ireo tanora tsara sitra-po tao amin'ny paroasy niadidiany hifanome tanàna tamina fanorenana toeram-pitsaboana sy toeram-pianarana ho ana ankizy 150. Ny taona 1987 no tafatsangana araka ny lalàna ho fikambanana misehatra ny asa fampandrosam-paritra sy fampivoarana fiainam-bahoaka ny CDA ka novelarina ny sahanasa hisahana ihany koa ny fanofanana arak'asa, ny fampindramam-bola madinika ary ny tetikasa fanohanana finiavan'ny mponina.

Notohizana hatrany ny asa na dia nodimandry ny taona 1995 aza ilay pretra mpanorina. Ny taona 2006 dia niofo ho ONG na Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana

ny CDA, tohanana mpiara-miombon'antoka vitsivitsy avy any ivelany. Takian'izay fiaraha-miombon'antoka izay ny famolavolana drafitra handrindrana asa koa dia niditra tamin'ny fametrahana drafitrasa isan-dimy taona ny CDA nanomboka ny taona 2010 ary dia efa anatin'ny dingana faharoa (2017-2021) ankehitriny.

Mazava tsara anatin'izany ireo soritra sy sehatr'asa efatra goavana imasoana ankehitriny:

1–Fitantanana ifotony sy rindram-piaraha-monina ary fitsarana.
2–Asa sy raharaha madinika mampidi-bola.
3–Fanabeazana sy fampianarana.
4–Fahasalamana sy fanohanana ara-tsosialy.

Tsy miova ny tanjona tratrarina anatin'ireo sehatr'asa ireo dia ny ady maharitra atao amin'ny fampihenana ny taham-pahantrana sy ny fanetsiketsehana ireo mponina iadidiany ho olom-pirenena mavitrika sy manam-piniavana hihoitra hatrany, lavitry ny fiankinan-doha. Hamafisina arak'izany ny seha-panabeazana maha-olom-pirenena hahatonga azy ireo ho olon'andraikitra mahalala sy mahafehy ny zo sy ny andraikitra manandrify. Ankoatr'ireo ny fandrafetana fandaharan'asa mivaingana hanampiana ireo tena sahirana hahafahany misitraka tohana ara-pahasalamana sahaza sy fanabeazana mendrika, ary sava-lalam-pihariana sy torohevitra ara-pitsarana hisitrahan-drariny.

Filamatra ho an'ny fiara-mientana amin'ny mponina mpisitraka ny tohana ny hoe « Miasa miaraka, misehatra ny fiainana ».

Ikotofils

TSY ARITRA IFAMPITAIZANA

Haody ry Andohatapenaka !

« *Fampandrosoana* » : Voambolana iray amin'ireo ankavitsiana hany iombonan'ny kobaka am-bavan'ny mpanao politika mifanohitra. Na ambara amina teny malagasy nokarohina hoe « Vina Fisandratana 2030 », na iangaliana ho teny frantsay « Initiative pour l'Emergence de Madagascar » na iangolana ho teny anglisy « Madagascar Actions Plan », samy itanisana paikady ho « fampandrosoana » ity firenena ity. Fampandrosoam-pirenena, lafiana fampandrosoam-paritra fa tsy maintsy hifaka amina fampandrosoan-tanàna. Iray ary mety ho ny voalohany nandrenesana izany hoe « fampandrosoana » mipaka ifotony izany ny eny amin'ny tanànan'Andohatapenaka, tanàna iray ao anatin'ny boriborintany voalohan'ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra. Fotodrafitr'asa santatra natsangan'ilay pretra nanorina ny CDA ireo toeram-pitsaboana sy sekoly, nenti-namaly ny filàna fototry ny mponina dibo-drano teny.

Mba alao sary an-tsaina anie raha tamin'ny rafitrano gasy fahiny izany hoe « difotry ny rano ny loha-tapenaka ». Ny hoe tapenaka mantsy raha ny famaritan'ny Rakibolana Malagasy azy dia ilay « tapany ambony amin'ny rindrin'ny sakan-trano, izay atao telozoro, ka ny lohany maranitra ambony no atao hipetrahan'ny vovonana, ary dia io tendrony maranitra io no atao hoe lohatapenaka ».

Sarinteny ihany anefa izany anehoana fa isan'ny tanàna tena mila izany fampivoarana sy fampandrosoana izany ireny tanàna eny amin'ny faritra iva ireny. Mazàna aza dia ny fahatsapana izany filàna tsy mety hahita fahafaham-po izany no toa hilalaovan'ny mpanao politika indray ireo mponina eny amin'ireny faritra ireny, na androm-pifidianana io na androm-panehoan-kevitra an-kianja sy amina haino aman-jery toa izay misy ankehitriny.

Teny fandren'ny sofina ny hoe « fandrosoana » fa raha hadika amin'ny hitan'ny maso dia « fiovana endrika ho amin'ny tsaratsara kokoa » no hany fomba tokana handrefesana izany. Tsy azo lavina ny vaingan'asan'ny 30 taona mahery. Niova endrika Andohatepanaka, niova fisaina ny isam-batan'olona eny, niova fiaina ny isan-tokantrano saingy mbola be ny asa fampandrosoana miandry koa rariana indrindra ny hijoroan'ity tanàna ity ho filamatry ny fampandrosoana miainga eny ifotony… « Efa mby an-doha ilo koa meteza ho fanilo », « efa mby an-doha ny menaka koa misandràta Andohatepanaka ».

Hervé RAKOTOZANANY

KATROK'ASA

Sokafy aho fa sempotra !

Herintaona katroka tamin'ity volana Jona ity, andro vitsy monja taorian'ny « andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana » no nitetezan'ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny CDA biraom-panjakana maromaro teto andrenivohitra. Ny 07 sy 08 jona 2017 no nametrahan'izy ireo ny anton-taratasy fitarainana noho ny fisiana orinasa madinika, tantanin'olon-tsotra ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka I, mamokatra ireny tara fandrakofan-dalana ireny. Nanaterana izany avokoa ny Ministera telo misahana ny fahasalamam-bahoaka, ny mpiaro tontolo iainana ary ny mpiahy ny mponina. Ankoatr'ireo, nahazo izany ihany koa ny teo anivon'ny fitantanana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ireo sampan-draharaha maro ao aminy, ny Prefektoran'ny Polisy, ny ao amin'ny Ditrikan'Antananarivo I ary ny Filohan'ny Fokontany Andohatapenaka I. Herintaona aty aoriana anefa… mbola ao ary mbola mihodina hatrany ilay orinasa mampitaraina ny mponina manodidina noho ny entona manempotra sy mankarary aterany.

Tanatin'izay taona iray izay, maro ireo fitsirihana ifotony notanterahin'ireo tompon'andraiki-panjakana. Andiany voalohany tamin'izany ny fidinana ifotony nataon'ny avy amin'ny sampan-draharaha teknikan'ny kaominina ny 12

jolay sy ny avy min'ireo ministera telo ary ny avy amin'ny CUA notarihin'ny Lehiben'ny Distrikan'Antananarivo I ny 21 jolay. Najoro tamin'izany ny Vaomiera manokana iraisana hisahana ity raharaha ity izay namoaka fifanarahan'ny tompon'andraikitra sy ny tompon'ny orinasa ary ireo mpitaraina hampihantoana vonjimaika ny asa fandoroana tara. Fifanarahana nampahafantarina androtr'io tamina haino aman-jery vitsivitsy teto andrenivohitra ka nahafahan'ny mponina namoaka sy naneho nivantana ny fitarainan'izy ireo.

Hatreo dia tsy nitsahatra nanaitra ireo isan-tsampan'asa mandrafitra ilay Vaomiera ny ekipan'ny CDA misahana ny tetikasa fampivoarana ny fitondrana tsara tantana sy ny fampandraisana andraikitra ny mponina saingy toa nifanilihina ihany hatreo ny andraikitra noho ny hoe tsy fananana fahefana hampiato tanteraka ny asa. Ny faramparan'ny taona 2017 aza dia efa nisy ny teny midina avy amin'ny fiadidiana ny raharaha sosialy ao amin'ny CUA nanery ny orinasa « Mahery » hifindra toerana anatin'ny 48 ora saingy dia mbola eo hatramin'izao izy. Fantatra teny anivon'ny Ministeran'ny Indostria ihany koa ny volana Desambra 2017, fa tsy hita anatin'ny lisitry ny orinasa madinika sy salantsalany (PME) anatin'ny CUA ity orinasa ity. ary tsy manana fahazoan-dalàna ara-tontolo iainana hisehatra ity asa ity avy amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana araka izay voarakitry ny lalàna MECIE antoky fampifanarahana fampiasam-bola sy fihariana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ihany koa. Hatramin'izao, mitohy ny asa ao, miitatra hatramina fanotofan-tany mihitsy aza, saingy mitohy koa ny fitakiana hisitrahan'ny maro ny zony hanana tontolo madio sy mirindra iainana.

Alpha-star